# EFA TONGA NY FAMONJENA

Nisy Tsunami tamin'ny toerana iray tany Japon tany. Nisy lehilahy iray kristiana mpivavaka tao amin'ilay toerana.

Nanomboka niantsoantso tamin'ny haino aman-jery ny mpitondra fanjakana fa aoka samy hiala @ toerana amorontsiraka fefa manomboka miakatra ny rano.

Tsy nahafoy ny fananany anefa ity lehilahy ity ka lasa izy naka saina ambonin'ny hazo iray hahitany izay ho atao, ary farany dia nanapakevitra izy hoe : hivavaka eto aho Jesosy hahitako ny famonjenao ahy ary dia tena nivavaka an-dranomaso lalina izy.

1- Tsitapitapitr'izay, nisy fiara nandalo raha mbola tsy niakatra an-tanety ny rano, niantsoantso azy ilay « Chauffeur » saingy tsy nety izy fa hoy izy : Jereo ny toerana misy ahy Jesoa Kristy fa eto no misy ahy, eto no fonenako.
2- Nanomboka niakatra kely tamin'izay ny rano. Nisy lakana kely nandalo nanao taminy hoe : midina, andao hitsoaka isika fa tsy nety nandeha izy fa nandà ka nanao hoe : « Inona no ataoko ao fa aleo aho hiantso an'i Jesosy »
3- Nandalo indray ny helicoptère nandefa tady ho an'ny olona mbola ao an-tanàna saingy nolaviny na dia efa niakatra aza ny rano.

Tsy nitsahatra nanandratra ny feony izy sady nikiakiaka nanao hoe : Atsaharo ny rano saingy efa handifotra azy ny rano. Nitomany sisa no nataony ka nanao hoe : « Ianao Jesosy tsy mamonjy ahy akory nefa ianao mampanantena anay fa afaka ny hanavotra anay ».

**LESONA :**

- Jesosy Kristy dia efa nandefa ireo mpanompony mba hamonjena azy tamin'ny fomba maro samihafa.
  (Raha mandinika ny tantaran'i Sodoma sy Gomora **Gen 19 : 15-17** isika dia efa planin' Andriamanitra ny handrava azy, ary noteneniny Abrahama sy Lota fa tsy maintsy miala ao an-tanàna)
- Ny mahadiso hevitra azy dia toy izy no mibaiko mialoha hoe : « Izao Jesosy atao ». Ny ao an-tsainy no noeritreretiny fa hataon'i Jesosy.
- Fatra-piahy ny hareny mety ho lò teto an-tany ihany koa ity lehilahy ity ka tsy te-hanalavitra ny fananany.
  (Miharia harena ho anareo any an-danitra hoy ny soratra masina fa tsy misy azo antenaina izao hitan'ny maso izao. **MAT 6 :19-20)**